**FITSARANA AVO MOMBA NY LALAMPANORENANA**

**------------------------------**

**FAMPITANA MOMBA NY ADIDY HAMETRA-PIALANA SY NY FAKANA FAHAZOAN-DALANA MANOKANA TSY HIASA**

Ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, amin'ny maha-fitsarana mahefa azy momba ny fifidianana, dia mampahatsiahy ireo mpilatsaka ho fidiana rehetra, ny fahefam-panjankana mahefa, ny tompon'andraiki-panjakana isan'ambaratonga ary ny vahoaka malagasy fa :

1. Araka ny andininy faha 64 ny Lalampanorenana *"Ny mpikambana rehetra ao amin'ny Governemanta, milatsaka hofidina amin'ny asa maha voafidim-bahoaka, dia tsy maintsy mametra-pialana amin'ny asany raha vao nambara fa azo raisina ny filatsahany hofidina."*

2. Araka ny andininy faha-6 andalana voalohany ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fitsipika ankapobe mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka, sy ny andininy faha-16 ao amin'ny lalàna fehizoro laharana faha 2018-010 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fifidianana solombavambahoaka eo anivon'ny Antenimieram-pirenena : " *Ny mpiasa amin'ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana sy ireo mpiasam-panjakana sivily na miaramila tsy misahana asa ambony, mpilatsa-kofidiana amin'ny fifidianana Solombavambahoaka, dia misitraka fahazoan-dalana manokana tsy hiasa manomboka ny daty fivoahan'ny lisitra ofisialin'ireo mpilatsaka hofidiana hatramin'ny daty fandatsaham-bato*". Ireo olona voakasik'io rijan-tenin-dalàna io dia mila manao tatitra an-tsoratra amin'ny lehibe mifehy azy mivantana ary manome ny dika mitovy amin'ny taratasy manamarina ny fahazahoany mirotsaka ho fidiana solombavambahoaka.

3. Araka ny rijan-teny ao amin'ny andininy faha-6 andalana faha-5 amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha 2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fitsipika ankapobe mifehy ny fifidianana sy ny fitsapan-kevi-bahoaka sy ny andininy faha-16 amin'ny Lalàna fehizoro laharana faha 2018-010 tamin'ny 11 mey 2018 mikasika ny fifidianana solombavambahoaka eo anivon'ny Antenimieram-pirenena : *" Ny olona rehetra, na mpiasam-panjakàna na tsia, misahana asam-panjakana ambony amin'ny sehatra sivily na miaramila, dia tsy maintsy mametra-pialana manomboka amin'ny daty nankatoavana ny filatsahan-kofidiany".* Io rijan-tenin-dalàna io dia mihatra amin'ireo olona notendrena tamin'ny alalan'ny didim-panjakana nolaniana teo anivon'ny filan-kevitry ny minisitra na ny filan-kevitry ny Governemanta ka manana ny laharana tale no ho miakatra ao anatin'ny ministera. Anisan'izany:

**3-1. Ireo olona voatendry hisahana ny asa ambony sy asam-panjakana ambaratonga ambony sivily toy ny :**

- Lehiben'ny Mari-boninahi-pirenena Malagasy
- Masoivoho na lehibena masoivohom-pirenena manana laharan'ny Ambasadaoro ;
- Governoran'ny Banky Foibe ;
- Sekretera jeneraly, Tale jeneraly ary Talen'ny ministera ;
- Filohan'ny anjerimanontolo,
- Solotenam-panjakana eo anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana,
- Tale jeneraly, mpikambana ao amin'ny sampan-draharaham-pitantanana na fitantanana ny sampan-draharaha miankina amin'ny andrim-panjakana na ministera.

**3-2. Ireo olona voatendry hisahana ny asa ambony sy asam-panjakana ambony ara-miaramila voatendry araka ny didim-panjakana noraisina teo anivon'ny filan-kevitry ny minisitra :**

- Manamboninahitra jeneraly ;
- Inspektera jeneraly eo anivon'ny Tafika Malagasy ;
- Inspektera jeneraly eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena ;
- Lehiben'ny Etamazaoro jeneraly ny Tafika Malagasy ;
- Komandin'ny zandarimariam-pirenena ;
- Lefitry ny lehiben'ny Etamazaoro jeneralin'ny Tafika Malagasy ;
- Lefitry ny lehiben'ny komandin'ny Zandarimariam-pirenena ;
- Komandin'ny tafika an'habakabaka ;
- Komandin'ny tafika an-dranomasina ;
- Komandin'ny Hery Vonjitaitra ;
- Komandin'ny Hery Fampandrosoana ;
- Lehiben'ny foibem-pibaikoana eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena ;
- Komandin'ny farim-piadidiana ara-miaramila ;
- Komandin'ny farim-piadidim-paritany ny Zandarimariam-pirenena ;
- Ireo asa na asam-panjakana ambony miaramila voatendry amin'ny alalan'ny didim-panjakana nolaniana tamin'ny filan-kevitry ny minisitra.

4. Ireo olom-boafidy toy ny solombavam-bahoaka, loholona, ben'ny Tanana, mpanolo-tsain'ny tanàna izay milatsaka ho fidiana amin'ny ho solombavambahoaka dia tsy voatery hametra-pialàna saingy mandra-pahavitan'ny fifidianana solombavambahoaka dia tsy azon'izy ireo atao ny mampiasa ny fananam-panjakana na ny fahefam-panjakana nomena azy ireo hanaovana fampielezan-kevitra.

5. Ireo rijan-tenin-dalàna voalaza ireo dia mihatra ihany koa amin'ireo mpiray lisitra sy mpisolo-toerana ny mpilatsaka ho fidiana.

*Antananarivo, 03 aprily 2024*